



ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKAN'I MADAGASKARA
Fitovana - Tanindrazana - Fandresona

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-95

**FANOLORANA NY TATITRA NATAON'NY VAOMIERA MANOKANA MISAHANA
NY FIAMPANGANA MANOLOANA NY FITSARANA AVO (HCJ)**

Fivoriana faha-9
Natao ny
Talata 17 Novambra 2020
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Ramatoa isany: - RAHELIHANTA Jocelyne
- RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

FOTOANA: Talata 17 Novambra 2020 tamin'ny 12 ora sy 55 minitra, atoandro

FANDAHARAM-POTOANA: Fanolorana ny tatitra nataon'ny Vaomiera Manokana misahana ny Fiampangana Manoloana ny Fitsarana Avo (HCJ).

Nitohy ny Alakamisy 17 Novambra 2020 tamin'ny 12 ora sy 55 minitra, atoandro, ny fivoran'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy nanambara ny fitohizan'ny fivoriana sy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia naingavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Ramatoa RAFANOMEZANTSOA Tsirimaharo Ny Aina no nanantotosa izany.

Taorian'izay, notsiahivin-dRamatoa Filoha ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera Manokana mba hamaky ny tatity ny asam-baomera, Ramatoa Filoha, ka Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee no nanatanteraka izany ary toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alatsinainy faha-16 Novambra 2020, tamin'ny 2 ora 30 minitra, tolak'andro, ny Vaomiera Manokana misahana ny Fiampangana Manoloana ny Fitsarana Avo (Commission Spéciale sur la mise en Accusation Devant la Haute Cour de Justice).

Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot, Filoha Lefitra ao amin'ny Vaomiera Manokana misahana ny Fiampangana Manoloana ny Fitsarana Avo no nitarika ny fivoriana noho ny tsy fahafahan'Andriamatoa Filohan'ny Vaomiera izay efa nandefa fialan-tsiny.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana.

Andriamatoa isany:

1-ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot

2-RAVONTY Tam-Téon Luc

3-RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime

4-RALALASON Dera

5-TSARADIA Marco

6-ANDRIANAMBININA Djohary Lee

7-MAMANGY Norbert

8-RASOLOMANANA Beby Olivier

9-RALAMBOZAFIMBOLOLONA RAZAFITSIMIALONA

10-RATSIMBAZAFY Alain

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha Lefitra dia namelabelatra ny fizotry ny asa efa natao nanomboka ny fotoana nandrafetana ny Birao sy ny Vaomiera ka hatramin'izao.

Taorian'izay dia nomeny ny Mpampakateny ny fitenenana mba hitondrany fanazavana bebe kokoa mikasika izany asa izany.

Nambarany fa sarotra ny asa satria mila fijerena manokana ireo antontan-taratasy maro ary noho ny pitsopitsony izay tsy maintsy mbola atao dia ahemotra ity favoriana ity.

Arak'izany dia nanome sosokevitra amin'ny hanemorana ny fotoana hanolorana ny asam-baomiera eo amin'ny favoriambe ny tenany.

Rehefa izany dia nanapakevitra ny Vaomiera amin'ny hanemorana ny fanolorana ny tatitry ny asam-baomiera amin'ny lahadinika manaraka ary haroso eo amin'ny favoriambe izany fanapahana izany.

Nifarana tamin'ny 4 ora, tolak'andro, ny favoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha Lefitra.

Nisaotra ny Mpampakateny tamin'ny famakiana ny tatitra, Ramatoa Filoha, taorian'izay.

Satria tsy nisy nanana fanamarihana sy fanitsiana mikasika ny tatitra, koa avy hatrany dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny sosokevitry ny Vaomiera izay nangataka ny hanemorana ny fanolorana ny vokatry ny asany amin'ny lahadinika manaraka ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànnana, Solombavambahoaka miisa 49 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa ahemotra amin'ny lahadinika manaraka ny fanoloran'ny Vaomiera ny tatitry ny asa nataony saingy tokony hotanterahina amin'izao favoriana arapotoana faharoan'ny Antenimierampirenena izao ny hanaovana izany araka ny voalazan'ny lalàna. Manampy izany, hivory ny Birao Maharitra, ka aorian'izay no hilazana ny fotoana mahamety ny fanatanterehana izany.

Taorian'izay, nisy Solombavambahoaka nanao satroka ka nomen-dRamatoa Filoha fitenenana.

Nangataka Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, mba haroso avy hatrany ny lahadinika tokony hatao amin'ny 3 ora, tolak'andro, satria efa vonona ao ny tomponandraikitra avy amin'ny "Office National de Nutrition" (ONN) raha azo atao.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, kosa nangataka ny hanaovana «huis clos» mba hahafantarana ny valin-teny momba ny zavatra nifampiresahana teo aloha.

Mikasika ny fangatahan'Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, namaly Ramatoa Filoha, fa azo tanterahana avy hatrany izany, fa mikasika ny "huis clos" kosa, amin'ny alalan'ny tsangan-tanana no ahafahana manapakevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tanana, Solombavambahoaka miisa 17 no nandany, 21 no nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy raikitra ny fangatahana hanao "huis clos".

Mialohan'ny hiatoan'ny fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana rahampitso Alarobia Ramatoa Filoha, ka amin'ny 10 ora, maraina; hisy ny fivorian'ny Birao Maharitra, amin'ny 11 ora, atoandro no hivory ny "Conférence des Présidents" ary amin'ny 3 ora, tolak'andro, fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny fandaharam-potoana.

Nanao satroka Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène ka nangataka ny hiverenan'ny hanaovana ny fivoriana eny amin'ny Lapan'ny Tsimbazaza raha mety.

Rehefa izany, nomarihan-dRamatoa Filoha, fa tsy fivoriambe intsony ny fiarahana amin'ny ONN, fa fanentanana ny mpikambana amin'ireo Vaomiera voalaza ao amin'ny fandaharam-potoana.

Niato tamin'ny 1 ora sy 10 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

